
MPITOLONA
AMIM-
BAVAKA
Lesona 6 hatao ny 9 May, 2026


“Izaho tia an'i Jehovah, satria efa nandre ny feon'ny fifonako Izy. Satria efa nanongilana ny sofiny tamiko Izy, dia hiantso aho, raha mbola velona koa” (Salamo 116:1, 2)



Ny zava-manan'aina rehetra, anisan'izany ny olombelona, dia noforonin'Andriamanitra ho afaka mifandray Aminy, sy amin'izy samy izy.


Indrisy anefa fa tsy afaka nifandray mivantana tamin’Andriamanitra intsony ny olombelona rehefa nanota i Adama sy Eva.

Nanome fanomezana ho antsika anefa Andriamanitra. “Telefaonina” ahafahantsika manohy mifandray Aminy: vavaka.

I Daniela sy Enoka ary i Mosesy dia ohatra ny amin’ny fomba ampiasantsika io fanomezana mahery vaika io.









**Daniela:**

- Mivavaka ao anaty fotoana mampidi-doza
- Mivavaka amin'ny fihetsika mendrika

**Enoka:**

- Fiainam-bavaka

**Mosesy:**

- Miresaka amin’Andriamanitra
- Vavaka fanelanelanana



# DANIELA

# MIVAVAKA AO ANATY FOTOANA MAMPIDI-

"Ary nampanatrehiko an'Andriamanitra Tompo ny tavako hitady izay hivavahana sy hifonana amin'ny fifadian-kanina, ny lamba fisaonana ary ny lavenona" *(Daniela 9:3)*



Noho ny fahatokiany an'Andriamanitra, dia nahazo saina matsilo sy fahafantarana ny amin'ny nofy ary fahendrena i Daniela (Dan. 1:8, 17, 20). Rehefa notandindomin-doza ny ainy sy ny ain'ny namany, dia nitodika tamin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny vavaka izy (Dan. 2:17-23). Vokatry ny fiainam-bavaka, inona no toetra azon'i Daniela (Dan. 6:3-5)?

MPITANTANA MAHAY

MARINA

MALINA


TSY AZO NY RARI-TSAINA

AZO ANTOKA

NOHAJAINA

MAHATOKY

TSY MANANA FAHAZARAN-DRATSY



# MIVAVAKA AO ANATY FOTOANA MAMPIDI-


"Ary nampanatrehiko an'Andriamanitra Tompo ny tavako hitady izay hivavahana sy hifonana amin'ny fifadian-kanina, ny lamba fisaonana ary ny lavenona" (Daniela 9:3)

Liana tamin'ny vavak'i Daniela ny lanitra (Dan. 9:20–23; 10:12). Amin'ny fanapahana io fatorana io ihany no ahafahan'ny fahavalony hanisy ratsy azy (Dan. 6:5-7).

Nihazona ny fahazarany nivavaka i Daniela, teo anatrehan'ny fandrahonana ho faty indray (Dan. 6:10):









Tsy niova izy, fa nivavaka intelo isan'andro



Efa nampoizna, fa nivoha nanandrify an'i Jerosalema ny varavarankeliny



Nanana fahazarana manokana izy: nivavaka nandohalika



Nifantoka tamin'ny fisaorana sy ny fangatahana izy

# MIVAVAKA AMIN'NY FIHETSIKA MENDRIKA

"Nony fantatr'i Daniela fa efa voaisy sonia ny didy, dia nankao an-tranony izy; ary ny varavarankelin'ny tranony ambony nanandrify an'i Jerosalema dia nivoha. Koa intelo isan'andro no nandohalika ka nivavaka sy nisaotra teo anatrehan'Andriamaniny izy, satria fanaony hatramin'ny taloha izany." (Daniela 6:10)



Rehefa mivavaka isika dia miresaka amin'Andriamanitra toy ny miresaka amin'ny sakaiza. Tsy toa antsika anefa Andriamanitra. Izy no Mpanjakan'izao rehetra izao.

Noho izany antony izany, ny fanaon'i Daniela dia ny mandohalika eo anatrehany hivavaka, ary manaiky Azy ho Mpanjakany.

Koa satria afaka mivavaka amin'Andriamanitra mandrakariva isika amin'ny toe-javatra rehetra sy amin'ny fotoana rehetra, dia tsy ho azo atao foana na ilaina ny manao toy izany.

Mampifantoka antsika kokoa ny manakimpy ny masontsika rehefa mivavaka, saingy amin'ny toe-javatra sasany dia tsy ho azo atao izany (mandeha an-tongotra, mitondra fiara, sns.)

Ny zava-dehibe dia ny fanaovantsika vavaka feno fanajana mendrika an'Andriamanitra.








# MIVAVAKA AMIN'NY FIHETSIKA MENDRIKA

"Nony fantatr'i Daniela fa efa voaisy sonia ny didy, dia nankao an-tranony izy; ary ny varavarankelin'ny tranony ambony nanandrify an'i Jerosalema dia nivoha. Koa intelo isan'andro no nandohalika ka nivavaka sy nisaotra teo anatrehan'Andriamaniny izy, satria fanaony hatramin'ny taloha izany." (Daniela 6:10)

**Ahitana ohatra momba ny olona manao fihetsika manokana rehefa mivavaka ao amin'ny Baiboly, arakaraka ny toe-javatra nisy azy manokana.**




Nivavaka nitsangana teo amin'ny vahoaka i Josafata (2 Tan. 20:5)



Nipetraka teo anatrehan'Andriamanitra i Davida mba hisaotra Azy (2Sam. 7:18)



Nivavaka nandohalika sy nanainga tanana ho amin'ny lanitra i Solomona (1Mpanj. 8:54)



Niankohoka tamin'ny tany ny olona mba hivavaka (Neh. 8:6)



Niankohoka teo am-pandriany i Davida (1Mpanj. 1:47)




Nijoro teo anatrehan'ny mpanjaka ary nivavaka mangina i Nehemia (Neh. 2:1-4)

**Na inona na inona fihetsika ataontsika, ny Baiboly dia miantso antsika hivavaka mandrakariva (1 Tes. 5:17), amin' ny faharetana (Kol. 4:2) ary tsy miovaova (Rom. 12:12).**



# ENOKA

# FIAINAM-BAVAKA





“Ary niara-nandeha tamin'Andriamanitra Enoka; ka tsy hita izy, fa nentin'Andriamanitra.” (Genesisy 5:24)


Tamin'ny vanim-potoana sarotra no niainan’i Enoka, dia tamin'ny fotana nialoha ny safodrano ka nitomboan'ny faharatsian’ny olona. Nitombo ny fahalalany an’Andriamanitra raha niteraka ny zanany lahy izy, ka nihamafy ny firaisany taminy (Gen. 5:21-24).

Singa manan-danja teo amin’io fifandraisana io ny vavaka. Arakaraka ny nihamafy sy nahamaika ny asany no nahatonga ny vavaka nataony haharitra sy amin-kafanam-po. Matetika izy no nisitaka tany amin’ny toerana mitokana, mba hifandraisana bebe kokoa amin’Andriamanitra. Niverina teo amin’ny olona mandrakariva anefa izy mba hizara ny fahalalany an’Andriamanitra tamin’izy ireo.



Mihaino antsika Andriamanitra na ao anatin’ny firotorotoana eo amin’ny fiainana andavanandro na anatin’ny fahanginana amin’ny fialan-tsasatra. Tsy misy toerana eto an-tany izay tsy ahafahany mahita sy mandre antsika. Afaka maneho ny vavaka ataontsika amin’ny feo mafy isika (izay manampy antsika hifantoka), na koa amin’ny fahanginana (izay manampy antsika haneho ny fisainantsika). Ny zava-dehibe dia ny tsy hitsaharana mifandray amin’Andriamanitra na oviana na oviana amin’ny alalan'ny vavaka.








# MOSESY

# MIRESAKA AMIN'ANDRIAMANITRA

"Ary tsy nisy mpaminany intsony niseho teo amin'ny Isiraely tahaka an'i Mosesy, izay fantatr'i Jehovah nifanatrika" (Deotoronomia 34:10)



Rehefa avy nandre mazava ny feon'Andriamanitra niteny tao Sinay ny Israelita, dia nnangataka izy ireo mba tsy hiresaka mivantana tamin'izy ireo intsony Izy, satria natahotra ny ho faty noho ny feony (Eks. 20:18-19).





Tsy izany kosa tamin'i Mosesy, izay niresaka nifanatrika tamin'Andriamanitra (Deot. 34:10). Nandritra ny 40 taona (nanomboka tamin'ilay roimemy nirehitra ka hatramin'ny nahafatesany), dia nifampiresaka manokana mandrakariva i Mosesy sy Andriamanitra (Eks. 33:9-11).

Ny Baiboly dia mirakitra fe-potoana efapolo andro maromaro izay nanomezan'Andriamanitra an'i Mosesy toromarika manokana momba ny fanorenana ny tabernakely sy nampitany lalàna samihafa taminy. Nandritra ireo firesahana ireo dia nanao fanelanelanana ho an'ny vahoaka koa i Mosesy.






Tsy manana tombontsoa hiresaka mifanatrika amin'Andriamanitra isika, saingy mameno izany banga izany ny vavaka noho isika afaka mifandray mivantana Aminy.

# VAVAKA FANELANELANANA



"Ary Jehovah dia tezitra indrindra tamin'i Arona ka saiky nandevona azy; dia nifona ho an'i Arona koa aho tamin'izany andro izany." (Deotoronomia 9:20)



Ny vavaka fanelanelanana dia vavaka ataontsika ho an'ny hafa (Jakoba 5:16; Matio 5:44; 1 Timoty2:1-4).

Nanao fanelanelanana tamin'Andriamanitra ho an'ny hafa tamin'ny fotoana samihafa sy noho ny antony samihafa i Mosesy:

★ HO AN'NY ANKOHONANY

★ HO AN'NY VAHOAKA











- ✳ Noho ny fahotan'i Arona (Deot. 9:20)
- ✳ Noho ny fimonomonoman'i Miriama (Nom. 12:10-13)
- ✳ Raha nangetaheta izy ireo (Eks. 15:24-25)
- ✳ Raha noana izy ireo (Nom. 11:11-13)
- ✳ Raha nanota izy ireo (Eks. 32:30-32)

Inona no nanosika an'i Mosesy hivavaka ho an'ny hafa?

Toy izany koa no tokony hadrisika antsika: ny fitiavana an'ireo entintsika am-bavaka.

**"Tokony hisy fotoam-pivavahana ao amin'ny ankohonantsika, ary mihoatra noho izany, tsy tokony hanadino ny fivavahana mangina isika, fa izany no ain'ny fanahy. Tsy mety vanona ny fanahy, raha atao an-kambo ny fivavahana. Tsy ampy ny fivavahana ao amin'ny ankohonana, na ao amin'ny fivoriana ihany. Ao amin'ny mangingina no aoka handoarana ny fo eo anoloan'ny mason'Andriamanitra mandinika antsika. Ny fivavahana mangina dia tsy tokony ho ren'iza na iza, afa-tsy Ilay Andriamanitra Mpihaino vavaka ihany. Tsy misy sofina liam-baovao tokony handray ny vesatry ny fitarainana toy izany. Amin'ny fivavahana mangina dia afaka amin'ny fanelingelenan'ny zavatra manodidina sy ny tabatataban'ny tany ny fanahy. Amim-pahatoniana nefa amin-kafananm-po sy fitalahoana, no anatonany an'Andriamanitra Izay heriny sy manda fiarovany. Ho mamy sady maharitra ny hery mivoaka avy ao amin'Ilay mahita ao amin'ny mangingina, sady malady mihaino ny fivavahana miloatra avy ao am-po."**

**EGW (Ny Dia ho eo amin'i Kristy, p. 112, 113)**